

# Manoha riana

---

Ahoana no hitandro - vana  
ny tena hadio tsy hanan -  
tsiny eo anivon'ny tontolo  
ankehitriny ?



**Bibles et Publications Chrétiennes**

30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

**Fizahan-takila >**

ISBN : 978-2-87907-392-7

Vivre à contre courant

*Couverture, photo : Scorpius*

<b>Ahoana no hitandrovana ny tena hadio tsy hanan-tsiny eo anivon'ny tontolo ankehitriny?</b>	<b>5</b>
<b>Ny tanora kristiana sy ny Baiboly</b>	<b>6</b>
Ny fisainan'izao tontolo izao	6
Izay ambaran'ny Baiboly	6
Fenitra telo ho anao	7
<b>Ny tanora kristiana sy ny ota</b>	<b>9</b>
Ny fisainan'izao tontolo izao	9
Izay ambaran'ny Baiboly	9
Fenitra telo ho anao	11
<b>Ny tanora kristiana manoloana ny maha lahy sy ny maha vavy</b>	<b>12</b>
Ny fisainan'izao tontolo izao	12
Izay ambaran'ny Baiboly	13
Fenitra telo ho anao	14
<b>Ny tanora kristiana sy ny fahamaotinana</b>	<b>15</b>
Ny fisainan'izao tontolo izao	15
Izay ambaran'ny Baiboly	16
Fenitra telo ho anao	16

<b>Ny tanora kristiana sy ny fanambadiana</b>	<b>18</b>
Ny fisainan'izao tontolo izao	18
Izay ambaran'ny Baiboly	18
Fenitra telo ho anao	19
<b>Ary raha babon'ny ataon'ny rehetra ianao, na voasarika hanaraka ny rian-drano</b>	<b>20</b>
Ny fihetsik'izao tontolo izao	
manoloana ny ota	20
Izay soritan'ny Baiboly : ny lalan'ny fibebahana	21
Fenitra telo	22

## **Ahoana no hitandrovana ny tena hadio tsy hanan-tsiny eo anivon'ny tontolo ankehitriny?**

«*Nanoratra taminareo zatovo aho, satria mahery ianareo, ary mitoetra ao aminareo ny Tenin' Andriamanitra, sady efa naharesy ilay ratsy ianareo. Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatin ny fitiavana ny Ray*»<sup>1</sup>

«*Inona no hiarovan'ny zatovo ny lalan-kalehany tsy ho voaloto? Ny fitandremana araka ny teninao*»<sup>2</sup>

«*Koa izao no lazaiko sady ambarako ao amin'ny Tompo: ny tsy mba handehananareo intsony tahaka ny fandehan'ny Jentilisa amin'ny fahafioanan'ny sainy, fa efa tonga maizin-tsaina sy olon-ko azy amin'ny fiainan'Andriamanitra ireny...*»<sup>3</sup>

«... *fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany. Tohero izy, ka miorena tsara amin'ny finoana ianareo*»<sup>4</sup>

«*Koa ianao, anaka, dia aoka hahery amin'ny fahasooavana izay ao amin'i Kristy Jesoa*»<sup>5</sup>

---

1.1 Jaona 2. 14, 15 • 2. Salamo 119. 9 • 3. Efesiana 4. 17, 18 • 4. 1 Petera 5. 8-9 • 5. 2 Timoty 2. 1

## **Ny tanora kristiana sy ny Baiboly**

### **Ny fisainan'izao tontolo izao**

Miaina eo anivon'ny fiarahanonina anjakan'ny tsy fahafantarana ny tontolon'ny Baiboly isika. Ampitoviana laharana amin'ny asasoratr'ireo mpanorina antokom-pivavahana isan-karazany ny Baiboly, matetika. Ambara ihany izy amin'ny fotoana sasany; aseho amin'ny alalan'ny horonan-tsary ireo tantara voarakitra ao aminy. Saingy, very hasina tanteraka ny Baiboly amin'ny ankamaroan'ireo olona miaina amin'ny vanimpotoana ankehitriny. Nesorina taminy ilay lanjany amin'ny maha Tenin'Andriamanitra azy. Raisina ho toy ny boky mirakitra tantara tranainy ihany izy, na ho toy ny boky mirakitra angano.

Raha tontolo manilika ny Baiboly toy izany àry ny tontolo misy antsika, moa mbola azo antsoina ho kristiana ihany ve izy ?

### **Izay ambaran'ny Baiboly**

Eny, miresaka mikasika ny tenany mihitsy koa ny Baiboly. Anteriny fa avy amin'ny tsindrimandrin' Andriamanitra avokoa ny Soratra Masina iray manontolo, ary mahaso<sup>6</sup>. Ny Fanahy Masina no

<sup>6</sup>. 2 Timoty 3. 16

mahatonga azy ho Boky velona ka hahasoa ny mpino<sup>7</sup>. Izy ihany koa no ampiasaina, amin'ny alalan'ny Fanahy ihany, hikasihana ny fon'ireo tsy mpino<sup>8</sup>, hiroso amin'ny finoana. Hahatsapa ny olona mamaky amim-pahatsoram-po ny Baiboly fa mameatra-panontaniana aminy Andriamanitra. Mitarika azy hiaiky ny maha olo-meloka azy eo anatrehan'Andriamanitra ny Baiboly. Mitaona azy hiaiky ny famonjena azo amin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy izy. Hiroso amin'ny finoana io olona io, rehefa resy lahatra, ary hibebaka. Tonga ateraky ny Fanahy izy, rehefa mandia izany: tonga kristiana. Ny Baiboly no tonga tari-dalàny manomboka hatreo. Tari-dalàna azo antoka io, na amin'ny zavatra kely na amin'ny zavatra goavana<sup>9</sup>. Azo antoka lavitra noho ny fahendrena amam-pahalalan'ny olombelona ny tari-dalan'ny Baiboly<sup>10</sup>.

## Fenitra telo ho anao

1. Mamakia ampahany avy ao amin'ny Soratra Masina isan'andro. Araho vavaka izany. Raiso ho tena avy amin'Andriamanitra ho anao tokoa ny teny novakinao, ary irio fatratra ny hampihatra izany eo amin'ny fiainanao.

---

7.1 Korintiana 2. 14 • 8. Asa 8. 35 • 9. Salamo 119. 9, 105 • 10. 1 Korintiana 1. 25

**2.** Ireo filazantsara anombohana azy. Ireo filazantsara ireo no mampahafantatra anao ny fiainan'i Jesoa Tompo sy ireo teny nambarany, izay ilainao tokoa mba hanananao firaisansa feno aminy.

Vakio koa ireo episitily mba hahatsapanao ny fahasoavan'Andriamanitra. Ireo episitily ireo no mampianatra antsika an'izay tokony ho fitondrantsika ny fiainantsika, eo anivon'ny tontolo misy ankehitriny. Izy ireo no mitaona antsika hahay hiaina amin'ny onony sy ny marina, ary hiaina amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra<sup>11</sup>.

**3.** Ny soa toavina apetraky ny Baiboly no raiso ho filamatra amin'ny firiariavanao eo anivon'ity tontolo efa baranahiny tanteraka ity. Ny fahatsapanao ny maha zanak'Andriamanitra anao, omban'ny fanampian'Andriamanitra, no aoka horaisinao ho fanoitra hahatontosanao izany.

---

**11.** Titosy 2. 11, 12

## **Ny tanora kristiana sy ny ota**

### **Ny fisainan'izao tontolo izao**

Tsy mandraharaha firy intsony ny atao hoe fanotana amin'Andriamanitra ny tontolo tandrefana. Zary maty mihitsy ao amin'ny feon'ny fieritreretan'ny ankamaroan'ny olona izany zavatra izany. Tsy hay avahana intsony ny fetra mamaritra ny atao hoe tsara sy ny atao hoe ratsy eo imason'Andriamanitra. Mizotra ho amin'ny fahalevonana ny fandalàna an'ireo fitsipi-pitondrantena. Mahazo laka ny foto-pisainana fa tsy manota akory ianao raha tsy manao ratsy ny manodidina anao. Tsy izany mihitsy anefa no ambaran'ny Baiboly! Io Baiboly io, ary izy irery ihany, no hany fenitra mifanaraka amin'izay ankasitrahan'Andriamanitra.

### **Izay ambaran'ny Baiboly**

Milaza ny Baiboly fa mpanota hatrany amin'ny fiandohan'ny tantaran'ny zanak'olombelona ny olombelona rehetra<sup>12</sup>. Inona moa ny ota, araka ny anambaràn'ny Baiboly azy ?

---

12. Genesisy 3. 1-19

1. Voalohany indrindra, **fanotana amin' Andriamanitra** avokoa ny ota rehetra. Tsy inona akory ny hoe manota fa ny fiainana tsy amimpisaintsainana fa Andriamanitra no Mpahary antsika; ny fiainana tsy omban'ny fanolorana ho Azy ny voninahitra tokony ho Azy. Izany hoe ny ota dia ny fanaovana an'izay rehetra mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra.
2. Ota ny **fanotantsika amin'ny namantsika**. Natao hitondra ny endrik'Andriamanitra tahaka antsika ihany koa ireny namantsika ireny. Tsy hoe ny fampitondrana fahoriania azy ireny ihany akory no ambara amin'ny hoe **fanotana amin'ny namana**. Manota amin'izy ireny isika rehefa manao izay hahasorena azy, na tsy manampy azy, na mivantana izany na an-kolaka, ary na miserana ihany na maharitra. Tsy mba hita ao amin'ny fitsipi-pitondrantena apetraky ny olombelona izany zavatra izany.
3. Farany, mety **hanota amin'ny tenantsika** koa isika. Tsarovy fa tonga tempolin'ny Fanahy Masina io tenantsika mpino io, rehefa avy novidina lafo<sup>13</sup>.

---

13.1 Korintiana 6. 19

## **Fenitra telo ho anao**

1. Avelao ho eo ambany andry mason' Andriamanitra, izay tonga Rainao ankehitriny, ny fisainanao rehetra, ny teninao rehetra, ary ny asanao rehetra.
2. Eko fa araka ny fahendren'Andriamanitra avokoa ireo tari-dalana rehetra, voarakitra ao amin'ny Soratra Masina, natolony ho anao. Nomeny izany mba hahasoa anao, sy ireo olona manodidina anao. Natolony izany mba hampirindra ny fiainanao ara-batana, ara-tsaina, ary ara-panahy. Meteza hanoa izany amimpifaliana, na tsy ho takatrazo avokoa aza ny zavadrehetra.
3. Manahafa ny Tompo Jesoa, ka miravoravoa amin'ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra. Irio ny hahazo sitraka avy aminy. Katsaho hatrany ny hanome voninahitra ny Anarany. Tadiavo izay hampamirapiratra ny fahazavany manodidina anao, amin'ny alalan'ny fanaovanao ny tsara mandrakariva.

## **Ny tanora kristiana manoloana ny maha lahy sy ny maha vavy**

### **Ny fisainan'izao tontolo izao**

Tsy misy zava-baovao akory ety ambanin'ny masoandro. Miverina indray amin'ny toetry ny tontolo nisy tamin'ny andron'i Noa ny tontolo ankehitriny: «*Fa ny nofo rehetra samy efa nanimba ny lalany avy*»<sup>14</sup>. Manahaka an'i Sodoma sy i Gomora izy, izay nohamainzinin'ny filàny – fifampilan'ny samy lehilahy<sup>15</sup>. Aza hadinoina fa notelomin'ny safodrano iretsy voalohany, ary nolevonin'ny afo ireto faharoa.

Fanomezana tena tsara natolotr' Andriamanitra ho an'ny olombelona ny maha lahy sy ny maha vavy. Natsimbadiky ny olombelona ho zava-dratsy anefa izany ankehitriny. Zary lasa ampiasaina hahazoambola ny maha lahy sy ny maha vavy, arantiranty (amin'ny alalan'ny horonan-tsary, boky tantara, horonan-tsary mamoafady), ampiasaina amin'ny tsy tokony ho izy (fanitsakitsaham-bady, fivarotan-tena). Raha fehezina amin'ny teny tokana dia very hasina tanteraka ny maha lahy sy ny maha vavy.

---

14. Genesisy 6. 12 • 15. Genesisy 19

## Izay ambaran'ny Baiboly

Ambaran'ny Baiboly fa efa nomena ny olombelona mialoha ny nidiran'ny ota teto amin'izao tontolo izao, ny maha lahy sy ny maha vavy. Tsaroantsika ve izay nambaran'i Adama rehefa natolotra teo anatrehany i Eva?<sup>16</sup> Tsara avokoa ny nanaovan'Andriamanitra ny zavatra rehetra!

Nomen'Andriamanitra ho fahasambarana sy ho fitahiana ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy ny rohim-panambadiana<sup>17</sup>. Raran'Andriamanitra, ary tsy ankasitrahany hatrany, izay endrika rehetra isehoan'ny fampiasana amin'ny tsy tokony ho izy ny maha lahy sy ny maha vavy: firaisansa ara-nofo mialoha ny fanambadiana, fanitsakitsaham-bady, fifanambadian'ny mpihavana, fivarotan-tena...<sup>18</sup> Hita miverina ao amin'ny Testamenta Vaovao<sup>19</sup> avokoa ireo zava-boarara ireo, omban'ny fandrarana fatratra ny fisaraham-bady<sup>20</sup>.

Ireto ihany no tranga azo ekena sy ara-dalàna ho an'ny kristiana :

– na mijanona ho tsy manambady ka hitoetra ho virijiny

---

16. Genesisy 2. 23 • 17. Genesisy 2. 24 • 18. Eksodosy 20. 14; Levitikosy 18 • 19. Asa 15. 29, ohatra • 20. Matio 5. 27-32 ; 19. 9

– na miroso ho amin’ny fanambadiana ka ho nofo iray, ho saina iray, ary ho fanahy iray amin’ny vady, izay tokana ihany.

### **Fenitra telo ho anao**

1. Aza milalao afo, amin’ny alalan’ny fiarakarohana tsy misy tanjona, ndrao hihamafy ny fonao ary hihozongozona ny fijoroanao ho mahatoky.
2. Mijanòna ho virijiny mandra-pigadon’ny fotoanan’ny fanambadiana: tehirizo ho an’ilay vehivavy (na ilay lehilahy) nekenao hiara-dalana aminao eo amin’ny fiainana ny fahadiovanao. Tehirizo izany mba hatolotrao azy ho toy ny zaridaina miafina tsy mbola nisy nahita.
3. Sahia manaiky hiavaka amin’ny hafa : na inona na inona ataon’ny hafa, ary na toy inona na toy inona fiheverany anao. Izay hahitana sitraka eo imason’Andriamanitra no ilofosy. Mitoera ao amin’ilay fanjakam-pitiavan’Andriamanitra, ilay fanjakan’ny fahamarinany, ary ilay fanjakam-piadanany. Ao amin’izany no hahitanao ny tena fahafahana sy ny tena fahasambarana !

## **Ny tanora kristiana sy ny fahamaotinana**

### **Ny fisainan'izao tontolo izao**

Miha voafafa tsikelikely ireo singa madinidinika mikasika ny atao hoe fahamaotinana, amin'ny alalan'ireo horonan-tsary, gazety boky, lamaody, ary ny dokam-baratra. Samy mikatsaka ny hiavaka amin'ny maro ny tsirairay, samy manao izay hisarihana ny hafa hifantoka aminy avy izy. Amin'ny alalan'ny fitafiana anaovany, na amin'ny alalan'ny fihetsika tsy mendrika sy mahame-natra, no anatanterahany izany. Mirona ho amin'ny famohazana ny filàna ny fifanera-seran'ny lahy sy ny vavy, raha tokony hijanona ho fifandraisana feno fifanajana izany. Inona moa no tokony hahagaga raha miroborobo fatratra ireo heloka voafaoka ao amin'ny antsoina hoe fahavetavetana? Vao tsy ela akory izay no nanaovan'ity mpitandro filaminana iray ny antso avo hoe: «Mba manaova fitafiana maotina ianareo, ry tovovavy, aza mitady olana ho an'ny tenanareo!».

## Izay ambaran'ny Baiboly

Mandidy an'ireo kristiana ny Baiboly, na lahy izy na vavy, hanao fitafiana mendrika<sup>21</sup>. Tsy midika akory izany hoe ny fitafiana izay tsy manaraka intsony ny toetrandro no anaovy. Melohin'ny Baiboly kosa izay rehetra mitarika ho amin'ny tsy fahamaotinana, na fitafiana izany, na fihetsika amam-pitondrantena. Sokajiany ho anisan'ny asan'ny nofo ny fihetsika tsy maotina, na ny «fijejojejoana»<sup>22</sup>.

## Fenitra telo ho anao

1. Karohy ny fampianarana natolotry ny Tompo, voarakitra ao amin'ireo episitily. Meteza hotarihin'io Tomponao io, ary aoka ny fitiavanao Azy no hitarika anao hanaiky izany, fa tsy hotarihin'ireo fitsipika apetrak'olombelona, izay miovaova manaraka ny toetr'andro.
2. Mitandrema mba tsy hamohafoha ny filàn'ny hafa, ka hahatonga azy hanota amin'izay ataony, na hanota ao an-tsainy.
3. Izay fitafiana mendrika sy amin'ny onony no kendreo. Katsaho ihany koa, mialoha ny zavatra

---

21. 1 Timoty 2. 9 • 22. Galatiana 5. 19 ; Romana 13. 12, 13

rehetra, ny halemem-panahy<sup>23</sup>, mba hahitanao sitraka amin'ireo mpiara-monina aminao.

(miseho eo ivelany mantsy io 'toetra miafina' io, araka ny ohatra hita tamin'i Mosesy).

---

**23.** 1 Samoela 16. 7; 1 Petera 3. 3, 4

## **Ny tanora kristiana sy ny fanambadiana**

### **Ny fisainan'izao tontolo izao**

Tsy hita soritra eo amin'ny rohim-panambadiana mamatotra ny mpivady intsony ankehitriny, ilay fahamasinana nasalotra izany fanambadiana izany hatrany am-piandohana. Tsy mahagaga izany satria natao an-jorom-bala ny fisian' Andriamanitra, nohadinoina Izy, ary tsy noraharahaina. Zary tafiditra ho anisan'ny fomba, izay tsy hita izay maharatsy azy, ny fiaraha-mipetraky ny olon-droa tsy vita raharaha. Raisina ho toy ny zavatra ara-dalàna ny fanovaovana ny olona miaraka amin'ny tena. Tsy omena lanja intsony ny fifampitokisana. Omena vahana ny fanitsakitsaham-bady sy ny fananana vady roa.

### **Izay ambaran'ny Baiboly**

Ambaran'ny Baiboly, hatrany amin'ny pejy voalohany indrindra, fa Andriamanitra no nanorina ny fanambadiana. Toy izao ny lamina napetrany: lehilahy iray sy vehivavy iray miombom-piainana ao anatin'ny fitiavana sy ny fifanajana<sup>24</sup>.

---

**24.** Genesisy 2 sy ny 1 Korintiana 7. 2-5

Tsy ela akory anefa, indro hita sahadys ao amin'ny pejy manaraka, ao amin'ny Baiboly ihany, i Lameka mandika izany lamina napetrak'Andriamanitra izany. Naka vehivavy anankiroa ho vadiny izy<sup>25</sup>. Ary dia nanaraka ny nataony ny rehetra tato afara.

Notsiahivin'i Jesoa indray io lamina napetrak' Andriamanitra hatrany am-piandohana io, rehefa tonga tety an-tany Izy. Hoy indrindra ny filazany azy: « *Noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny, ka hikambana amin'ny vadiny; ary ho nofo iray izy roroa* »<sup>26</sup>.

## Fenitra telo ho anao

1. Mivonona hanana fiarahana matotra fa aza mitady ny hijarakaraka fotsiny.
2. Aza mandray fanapahan-kevitra maimaika. Ary ambonin'ny zavatra rehetra, aza miditra mihitsy amin'ny olona tsy mpino<sup>27</sup>. Hanampy anao amin'izany ny finamananao amin'ireo mpino hafa. Manana fifandraisam-pirahalahiana feno amin'izy ireny.

---

**25.** Genesisy 4. 19 • **26.** Marka 10. 7, 8 • **27.** 2 Korintiana 6. 14

**3. Ny olona iray izay efa nomanin'Andriamanitra ho anao no « safidy tsara » ho anao. Angataho Izy mba hitari-dalana anao, ka hahatonga anao hifanehatra amin'io olona efa nomaniny ho anao io. Fihaonana saro-pantarina ihany izy io, kanefa mitondra hasambarana mandrakariva !**

### **Ary raha babon'ny ataon'ny rehetra ianao, na voasarika hanaraka ny rian-drano**

#### **Ny fihetsik'izao tontolo izao manoloana ny ota**

*« Tahaka izany koa no fanaon'ny vehivavy mpijangajanga : homana izy dia mamafa ny vavany, ka dia manao hoe : tsy nanao ratsy aho »<sup>28</sup>.*

Fotoanany angamba izao hialana amin'ireo faneriterena isan-karazany ataon'ny antokom-pivavahana. Izao no fotoana hialana tanteraka amin'ireo fombafomba napetraky ny fiarahamonina feno fihatsarambelatsihy, izay efa nilaozan'ny toetrandro ankehitriny. Mitarika ho amin'ny fihalangalanana manoloana ny

---

**28.** Ohabolana 30. 20

andraikitra tokony horaisina, sy ny hamafisam-po, ny fandeferana hatrany amin'ny ota.

Mainka miha lasa lavitra ihany mantsy ny tontolontsika ankehitriny. Manome fahalalahana ny fanaovana firaisansa ara-nofo ho toy ny fomba iray hanehoana ny fitiavana ny hafa, ireo haino aman-jery. Dradraina ho fomba anankiray handrodanana an'ireo sakantsakana tondroiny ho fitiavan-tena sy fampietrena ny tena izany. Raisina ho fanehoam-pitiavana an'ilay olona iarohana ny fanaovana an'io zava-dratsy io. Izany no entin'ny olona **manamarina ny otany** amin'ny zavatra efa melohin'Andriamanitra ampahibemaso izao.

### Izay soritan'ny Baiboly: ny lalan'ny fibebahana

Mety hilaza angamba isika hoe: «Eny, ekeko mihitsy izany, kanefa mena miraviravy ny ota ka mahataona fatratra; mahery loatra ny rian-drano, ka ho vitako ve ny hanohitra azy?»

Manoro antsika ny lalana hiverenana amin'Ilay Andriamanitra mpamela heloka i Davida mpanjaka. Efa nisedra an'io fahalavoana tamin'ny ota io koa mantsy izy, rehefa nobaikoin'ny filàny, ka nahatsiaro ny tenany ho toy ny latsaka tanaty hantsana mangitsokitsoka.

Hoy indrindra ny nambarany tamin' Andriamanitra :

- « *Taminao dia taminao ihany no nanotako, ary izay ratsy eo imasonao no efa nataoko* »<sup>29</sup>.
- « *Ny fahotako nambarako taminao, ary ny heloko tsy mba nafeniko. Hoy izaho: hiaiky ny fahadisoako amin'i Jehovah aho; ary lanao dia namela ny heloky ny fahotako* »<sup>30</sup>.

Mbola misy andininy hafa koa voasoratra ao amin'ny Baiboly mitaona ny mpino hiaiky ny fahotany eo anatrehan'Andriamanitra, sy eo anatrehan'izay nanaovany hadisoana :

- « *Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra* »<sup>31</sup>.
- « *Koa mifaneke heloka ianareo ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny fiasan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra* »<sup>32</sup>.

## Fenitra telo

1. Alatsaho ao am-ponao ireo zava-droa loha fonosin'ity andinin-tSoratra Masina ity, ary iaino :

---

**29.** Salamo 51. 4 • **30.** Salamo 32. 5 • **31.** 1 Jaona 1. 9 • **32.** Jakoba 5. 16

« *fa eo aminao no misy ny famelan-keloka (eo amin'Andriamanitra), mba hatahorana anao* »<sup>33</sup>.

2. Raiso ho toy ny ho anao mihitsy koa ireto tenin'ny Tompo Jesoa ireto, dia Izy izay nitondra ny tambin'ny otanao teo amin'ny hazofijaliana: « *Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony* »<sup>34</sup>. Andosiro tsy an-kiandriandry izay rehetra mety hampirona ho amin'ny filàn'ny nofo.

3. Tsarovy izay nitranga tamin'i Davida. Nampodiana taminy indray ny « *fifaliana amin'ny famonjen'Andriamanitra* »<sup>35</sup>, sy ny fiombonana amin'io Andriamaniny io, rehefa tsapany fa namela azy tokoa ny Andriamaniny. Ary raha ilaina, miaraha-manaiky amin'io Andriamanitra be famindram-po izay nanangana anao io, dia tahaka izay nataon'i Davida koa, ny hilanja ny vokatry ny zavatra nekenao fa « *nafafinao* »<sup>36</sup>.

Ity teny ity no aoka hotsarovanao indrindra indrindra koa: « *Izay manafina ny fahotany tsy hambinina, fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindram-po* »<sup>37</sup>.

---

**33.** Salamo 130. 4 • **34.** Jaona 8. 11 • **35.** Salamo 51. 12 • **36.** Galatiana 6. 7-10 • **37.** Ohabolana 28. 13

Misy asasoratra maromaro ireto hameno ny fanazavana mikasika ity lohahevitra hitanao tato ity. Mandrisika anao izahay hamaky azy ireto :

*Ny olan'ny fahatanorana, J Graf*

*Ny fijangajangana : Inona no ambaran'ny Baiboly mikasika izany ?*

*Ny fakampànahy sy ny famonjena avy amin'Andriamanitra, G. André*

*Manaraka ny lalan'ny fahamasinana,  
M. Tapernoux*